

ALAHADY FAHA-3 KAREMY - TAONA -B 2024



« Ravao ity Tempoly ity, fa hatsangako indray amin'ny hateloana » (Jo. 2: 19)

Ry Kristianina havana, izao Alahady fahatelon'ny karemy izao, dia azo lazaina fa tena miditra tanteraka amin'ny fiomanana akaiky ny Paka isika raha ireo vikiteny aroson'ny eglizy no jerena sy dinihina. Mibaribary fa tena "ady" tokoa no atrehina mba hampisy ny safidy mitondra amin'ny "départ vaovao". Io safidy io no

Vakiteny I : Jen. 9, 8-15

Tononkira : Salamo 24

Vakiteny II : 1 Pi. 3, 18-22

Evanjely : Mk. 1, 12-15

"ady" satria mandrirotra hatrany ny lojikan'izao tontolo izao sy ny forongony ka mitondra korontana sy fifangaroan-javatra. Tsy herisetra na oviana na oviana no lalana. Tsy maintsy misy "rupture" anefa, izany hoe "fisarahana". Io fisarahana io no mamparary nefo tsy

maintsy tanterahina mba hahasitrana. Io ilay lazantsika hoe mila "fiovam-penitra mahery vaika" izao androntsika izao raha tiantsika hanao "nouveau départ" isika. Io no "ady" satria mamolaka antsika hiala amin'ny fahazaran-dratsy ka mampiditra amin'ny fiainam-baovao. Miroso tokoa àry isika amin'ny Ady sy Dia izay mitondra antsika amin'ny Paka, paka mira fandalovana (passage). Miala amin'ny ratsy miaraka amin'i Kristy isika ka miditra amin'ny fiainam-baovao miaraka Aminy koa. Izy nandresy ny fahafatesana no hankalazantsika amin'ny Paka. Tsy inona izany io fifandraisana voalza io fa ilay Fihavanana mampiombona ka miova tanteraka ny fifandraisana eo amin'ny fiainantsika. Io fifandraisana io tokoa no simban'ny fahotana ka ny fihavanana entin'i Jesoa no hanasitrana azy indray ka tsy mpifahavalox intsony fa tena Olo Araiky, Mpiray Tampo. Mihavanana amin'ny zava-boary, fianakaviana araiky amin'Andriamanitra. Izany no irintsika amin'izao Kongresy izao. Izay no dikan'ny prôsesio mamakivaky ny tanana.

Manomboka amin'izao Alahady fahatelo amin'ny karemy izao dia ny tantaran'i Jesoa mankany Jerosalema araky ny Evanjelin'i Md Joany no vakina amintsika satria araka ireo

mpandalina sy ny fomba nanoratan'i Md Joany ny evanjely dia io fiakaran'i Jesoa ao Jerosalema io no tandindon'ny fialantsika amin'ny fiainana mirefarera amin'ny tany ka miakatra amin'ny fiainam-baovao ao Jerosalema ilay tànana masina, tànanan'ny fiadanana. Aza lazaina izany fa ny fiakaran'I Jesoa io no "ady sy dia" mitondra amin'ny fiainam-baovao ka mitarika antsika hanao "départ vaovao", fiaingana vaovao hialantsika amin'ny krizy maro lafy mitady handrava ny fihavanana nefo tsy ny krizy no manana ny teny farany fa I Jesoa Fihavanantsika. Hasehontsika Olo Araiky eto Diego, eto Madagaskara mihitsy aza izany amin'ny fandehanana manao pelerinajy eny amin'ny Lamontagne. Enga anie hasehontsika bebe kokoa izany amin'ity taona ity fa samy vonona hanao départ vaovao isika hahatonga antsika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Tsara ny manamarika fa mizotra isan'ambaratonga izay "ady sy dia" izay fa tsy vita indray mandeha. Ho tsapantsika izany amin'ireo vakiteny aroson'ny Eglisy mandritra izao alahady vitsivitsy mialoha ny Paka izao hanampy antsika hiditra ao Jerosalema miaraka amin'I Jesoa.

Io fidiran'i Jesoa ao Jerosalema io no itondran'i Jesoa antsika amin'ny fiainam-baovao hivelomantsika ny fanekem-pihavanana vaovao. Ilay fihavanana manambara fa miverina mirindra ny fifandraisana amin'ny zava-boary, amin'ny fifandraisana eo anivon'ny fiarahamoina hampanjaka ny rariny sy hitsiny ka samy hifampitsimbina hikatsaka ny soa iombonana hahitana ny fivelarana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra. Io fihavanana io no mitondra amin'ny fahamasinana, fahasambarana, fiadanana satria mampiombona antsika amin'Andriamanitra. Tanteraka izany raha mitoetra ao amin'i Kristy isika sy itoerany koa. Izany no fampianarana lehibe misongadina amin'izao Alahady izao.

Ny Tempoly dia fantantsika fa ivon'ny fiainan'ireo jody satria sady trano fivavahana no fanaovana sorona, fankalazana ny fety sy ny fombam-pivavahana maro isan-karazany.

Ny tempoly izany no "*référence principale*" amin'ny fiainany manontolo, ny tempoly no maha-izy azy sy antom-pisian'ny Jody. Amin'ny evanjely androany raha i Jesoa miditra ao an-tempoly dia nahita fa KORONTANA no MANJAKA. Mampahatsiaro ny zava-misy iainantsika ankehitriny noho ny Krizy. Izany no nahatongavan'I Jesoa hamerina amin'ny laoniny ny zavadrehetra. Izay ny tanjon'ny Paka. Ny nataon'I Jesoa tao an-tempoly dia manambara ny Paka. Hitantsika I Jesoa eto mametraka amin'ny toerany ny hasin'ny Tempoly, ilay tranon'ny Ray ary tsy iza io Tranon'ny Ray io fa Izy Kristy.

Raha isika àry miaraka Aminy dia isika ihany koa no zary tempoly, izany hoe miverina amin'ny hasina maha-zanak'Andriamanitra. Ny ivom-piaianantsika noho izany dia ny tempoly izay tsy inona fa ny fontsika. Matetika averimberintsika fa indrindra amin'izao karemy izao, aoka hanaiky hodiovin'Andriamanitra ny fontsika mba hahafahantsika hanao "nouveau départ" amin'izao Paka izao.

Ambaran'ity Evanjely ity àry fa « akaiky ny Pakan'ny Jody, ka niakatra tany Jerosalema i Jesoa. Ary hitany tao anatin'ny Tempoly ny mpivarotra omby aman'ondry sy voromailala ary ny

mpanakalo vola nipetraka tao, izany hoe very ny mahaizy azy ny ny Tempoly, ny hasin'ny tempoly tsy hita intsony fa zary KORONTANA. Io koa ny zava-misy iainantsika eto anivon'ny TRANOBE IOMBONANA. Endriky ny fontsika. Inona no nataon'I Jesoa? Nanao kotopia tamin'ny tady madinika Izy, dia nandroaka azy rehetra mbamin'ny omby aman'ondry hiala amin'ny Tempoly ; nararany ny volan'ny mpanakalo vola, nazerany ny latabatra, ary hoy Izy tamin'izay nivaro-boromailala : *"Esory eto ireto, fa aza ataonareo trano fivarotana ny tranon'ny Raiko"* » (Jo. 2: 14 – 16).

Nanadio ny tempoly i Jesoa, nanadio ireo “encombrement” rehetra, ireo varotra izay midika fikatsahana ny tombotsoan’ny tena, manambara ny fitiavan-tena, manambara ny “corruption” jiaby. Tsy hoe sanatria manaratsy ny varotra fa ny fomba hanatanterahana ny varotra no matetika tsy mety satria misy lainga sy fitapitaka. Izay no mahatonga an'i Jesoa nanadio ny Tempoly. Mampahatsiaro ny “intention de prières”n'i Papa sy fampianarana ataon'ny Papa sy ny Eveka eto amintsika hiady amin'ny fahalovana rehetra izay izao aretin-mandoza izao no mampibaribary azy. Io no mahatonga ny fitenin'olona vokatry ny krizy, ny korontana hoe : “aleo very tsikalakalam-pihavanana toa izay very tsikalakalam-bola”. Korontana araka ny fantatsika no vokatry ny tsy fisian'ny fihavanana. Herisetra no manjaka rehefa very ny fihavanana. Io indrindra no nataon'I Jesoa hamerina amin'ny laonina ny fifandraisana satria tsy ny varotra no taloha fa ny fihavanana....

Enga anie isika amin'izao firosoantsika amin'ny Paka izao mba hanaiky hodiovin'Andriamanitra ny fontsika ka ho esorintsika ireo “encombrement” isan-karazany entin'ny krizy manakorontana ny fiainana, ny fihavanana ka vonona hibebaka zary EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Toy izany koa ho an'ny mpivarotra rehetra mba hametraka ny fahamarinana sy ny rariny fa indrindra amin'izao andro sarotra izao.

Tsy hoe hanapotika ny mpivarotra tao an-tempoly i Jesoa fa hametraka tsara ny anjara toeran'ny Tempoly fonenan'Andriamanitra ary torak'izany dia tsy potehina ny fontsika fa mila fanadiovana amin'izao karemy izao. Izany no irin'i Jesoa, izany no fanirian'ny Eglisy amin'izao fanomanana ny Paka izao mba hitoeran'Andriamanitra ny fontsika, sy hitoeran'i Jesoa. Raha mitoetra ao am-pontsika i Jesoa dia miova ny fiainantsika. Handresy ireny lainga sy fitapitaka manapotika ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy ny fifandraisana amin'ny zava-boaary ireny koa aza. Raha diovintsika ny fontsika dia manjaka ny tena fitiavana marina ka mihavao sy manatsara ny fiainantsika isika satria ny fitiavana no mandrindra ny fifandraisantsika fa tsy ny fitiavan-tena na ny fitadiavana ny soa ho an'ny tena fa fitadiavana ny soa iombonana. Miroso amin'ny tena fihavanana isika amin'izany. Ilay fihavanana sady kristianina no malagasy ary io ny fihavanana hanasitrana antsika, hanasitrana izao tontolo izao satria zary mpiray tampo isika jiaby ka afaka mifampitsimbina sy mifanasoa, mikajy ny soa iombonana mandrakariva... Tsy izany ve ny fiadanana!!!

Ny vakiteny voalohany dia manamafy ny teny folo izay manambara fahendrena, ny lalan-kombana, manambara ny tena fiainana mitondra antsika amin'ny fiainana izany hoe ny fiombonana amin'Andriamanitra loharanom-pahasambarana. Ny didy folo no mahazatra antsika fa ny teny folo izay atao hoe "décalogue" no natolotr'Andriamanitra ho antsika mba handavorary ny fiainantsika, hanadiovantsika ny fontsika ka hifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra. Izany no mitondra antsika amin'ny fahasambarana satria mitoetra eo anivontsika Andriamanitra ka hamokatra ny fiainantsika. Izany no dikan'ireo teny folo, torolàlana mba hialantsika amin'ny "encombrement" dia ny fijangajangana, ny fangalarana, ny lainga, ny faniriana vadin'olona, ny faniriana fananan'olona izay manapotika ny fiainantsika. Ireo rehetra ireo no manimba ny fifandraisana, manimba ny fihavanana...

Ry Kristianina havana, aoka harahintsika tokoa ireo teny folo amin'izao vanim-potoanan' ny karemy izao hiadiansika amin'ny "encombrement" mandoto ny fiainantsika ka hiroso ny diantsika miaraka amin'i Kristy na dia fantantsika fa tsy mora izany fiakarana any Jerosalema izany satria hiaraka hifantsika amin'i Kristy isika. Izany anefa no hahazahoantsika ny famonjena.

Aza matahotra isika, tohizo ny diantsika ka mahereza isika miady amin'ny fakam-panahy. Raha miady amin'ny fahotana miaraka amin'i Kristy isika dia hiaraka hitsangana Aminy amin'ny Paka ka hamokatra ny fiainantsika manana modely isika, ao Victoire Rasoamanarivo Olts, ao i Lucien Botovasoa izay niaraka nifantsika tamin'i Kristy. Izany no nahazoany fiadanana, tsy natahotra izy na nisy nanapaka aza ny lohany noho ny fitiavana sy ny fifikirany tamin'i Kristy.

Aoka isika hijoro vavolombelona amin'ireo manodidina antsika fa i Kristy tsy miova omaly anio ary mandrakizay, Izy no lèlana sy fahamarinana ary fiainana, raha Izy no mitoetra ao amintsika dia tsy hatahotra isika, tsy havozo isika satria TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA.

Manamafy izany i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa "*Ary izahay kosa mitory an'i Kristy voafantsika tamin'ny Hazofijaliana. Fanafintohinana amin'ny Jody izany, ary fahadalana amin'ny Jentily ; fa i Kristy herin'Andriamanitra sy fahendren'Andriamanitra kosa amin'izay voaantso, na Jody na Jentily. Fa izay toa fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny fahendren'ny olombelona, ary izay toa fahalemen'Andriamanitra, dia mahery noho ny herin'ny olombelona*". Fahendrena ny lèlam-pamonjena, fanafintohinana i Jesoanofantsihana tamin'ny hazo fijaliana, tsy azo saintsainin'olombelona izany fa kosa famonjena ho an'izay mino amin'Andriamanitra. Izany no iainantsika amin'izao firosoana amin'ny Paka izao.

Ry Jesoa Kristy ô, nanaiky ho famonjena ho anay lanao, nanaiky hitondra ny aretina sy ny rofinay rehetra. Nodiovinao ilay tempoly tranon'Andriamanitra ka mba diovy koa TRANOBEN'ANDRIAMANITRA izay tena potika tokoa. Vokatry ny fonay ratsy anefa izany ary izao krizy izao no mampiseho azy miharihary. Aoka àry ny fonay ho diovinao ka zary

tempolinao hitoeranao. Raha lanao tokoa no mitoetra ao aminay dia hiadam-pinaritra ao Aminao izahay.

Ry Jesoa Tomponay ô, enga anie ny fahefanao izay tsy mamoritra fa mitondra fiadanana no fahefana hijoroanay ho vavalombelonao eo amin'ny manodidina anay. Ampianaro izahay hanitsy ny fiainanay araky ny teny folo nampianarin'Andriamanitra ny vahoakany ka amin'izay dia hiroso amin'ny tena FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY IZAHAY ka hiadam-pinaritra miaraka Aminao. Masina Maria, Md Josefa ny fianakaviana no mitondra faisana, mitondra ny tsy zakany amin'izao krizy izao, ankininay aminareo ny fianakaviana mba eglizy kely, miomana amin'izao Paka izao mba hodiovin'I Jesoa ka hitoerany ka hifampitsimbina sy hifanasoa hikatsaka ny soa iombonana. Ampio izahay hahay hiomana koa amin'ny Kongresy Eokaristika KEN 2024 ka ny fihavanana tokoa no hanasitrana satria mpiray tampo izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson